

**FISAORANA**


Ny vadiny : RAKOTOMALALA Nirina Lucie
Ny zanany : RATSIMANDRESY Ny Anjara Irintsoa Tafita
Ny fianakaviana manontolo,
dia maneho fankasitrahana sy fisaorana feno anareo rehetra tapaka sy namana
eto an-toerana sy any ampita : ny mpiara-miasa taminy tao amin'ny TVM, ny
Komity ho fankalazana ny faha-50 taonan'ny TVM, ny EKAR Md Piera Malaza, ny
Fokontany Morarano Andoharanofotsy sy ny mpiara-monina, ny mpanakanto
rehetra, ny mpanao gazety an-tsoratra sy ny haino aman-jery, indrindra :

- ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrim-panjakana
- ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro
- ny ORTM
- JAOJOBY Eusèbe

amin'ny fiombonam-bavaka, ny teny mamy fampaherezana sy ny firaisankina
nifampizarana ny mavesatra, tamin'ny namoizana ny malalany :

**RATSIMANDRESY**
**Pierre Nicolas**
*Mpiasan'ny TVM misotro ronono*

Andriamanitra Tsitoha anie hamaly fitia anareo tompoko.
alana tsiny indrindra ho an'izay tsy tratra antso noho ny hafenoan-drano be loatra.




20 Aprily 2017

Inona no Vaovao

## Misaona indray ny serasera

# Nodimandry omaly i Zokibe Ranico




Ara - bakiteny ! Lavo ny andrarezina. Nodimandry, omaly, teo amin' ny faha - 68 taonany Ratsimandresy Nicolas na Zokibe Ranico araka ny fiantson' ireo rehetra nifanerasera taminy. Mpamorona sy mpiketrika fandaharana ara - kolontsaina sy zavakanto no tena ahafantaran' ny mpanakanto rehetra azy, ankoatra ny maha mpanao gazety. Ankoatra ny Tvm, nofeheziny koa ny famokarana tao amin' ny Rnm.

Notsiahivin' i Naina Rabearivony, anisan' ireo zoky niara - nihosona taminy nanomboka ny taona 1985 fa kapitenin - dry zareo tao amin' ny Rnm, amin' ny efitrano kely varavarana 112 Ranico, fahizany. *« Birao fiasan' i Nicolas sy Josette Ramaroson io varavarana 112 io (...) nefa Ambohipihaonan' ny rehetra, na mpanentana fandaha - rana io na artista »*, hoy izy.

Mpiketrika sady mpikatroka ary mpamorona fandaharana sady sarotiny tamin' ireo karazan - kira naroso ho an' ny vahoaka mpijery sy mpihaino izy. Mahalana, noho izany, no nanolorany ny fandaharana noforoniny fa tao ambadiky ny fakantsary hatrany izy. Anisan' ny nanahirana ny mpanao gazety mpaka sary izay tsy fitiavany alain - tsary izay rehefa tafahaona amin' ireo mpanao gazety zokiolona.

Anisan' ny fandaharana noketrehin' ity zokibe nodimandry ity ny Mbarakaly, Maharitr' afo, Tselatra, Havoria, Ainga sy Hery, ... Ary sarotiny tamin' izany famoronana rehetra izany izy. Asa vita sedra avokoa no navoakany niaraka tamin' i Abel Rakotozanany, izay vao nodimandry tsy ela koa izay.

Filohan' ny komity mpikarakara ny faha - 50 taonan' ny Tvm am - perinasa izy izao nidaosin' ny fahafatesana izao. Ankoatra izany, efa talen' ny Tvm izy ny taona 2009 - 2012. Banga olomanga ny tontolon' ny serasera amin' ny ankapobeny, nilaozany.

Andrasana any amin' ny fonenany eny Andoharanofotsy ny nofo mangatsiakany. Mirary fiononana ho an' ny fianakaviany izahay eto amin' ny Gazety Inona no Vaovao.

**Ny Fanoratana**
www.madagate.org